APM
ANTOKO POLITIKA MADIO
FIRENENA FA TSY SEZA

# "NY MALAGASY ALOHA"

## FANARENANA sy VINAM-PIARAHAMONINA ho an'i MADAGASIKARA



© An

Lot II Y 24 Antanimora Ampasanimalo Antananarivo (101)
Tel : 034 20 863 39
www.apm.mg
Facebook : Antoko Politika Madio - Pejy Ofisialy
Mail : antokopolitikamadio@gmail.com

# FANONDROANA TAKILA


01 TENY FAMPIDIRANA

03 FANARENANA
VAHAOLANA POLITIKA FOLO (10) ATOLOTRY NY ANTOKO POLITIKA MADIO - APM

05 VINAM-PIARAHAMONINA

08 TAFIKA SY FILAMINAM-BAHOAKA
10 RAHARAHAM-BAHINY
11 FITSARANA
13 TOE-KARENA SY NY VOLA
14 FAMBOLENA, FIOMPIANA, JONO
19 INDOSTRIA, VAROTRA, ASA TANANA
22 ATITANY SY FANAPARIAHAM-PAHEFANA
23 FANAJARIANA NY TANY SY ASA VAVENTY
25 FANABEAZAM-PIRENENA, FAMPIANARANA ARA-TEKNIKA SY ARAK'ASA
27 FAHASALAMANA
30 ANGOVO SY AKORAN'AFO
32 RANO
33 HARENA AN-KIBON'NY TANY
35 FITATERANA, FIZAHAN-TANY, FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO
39 ASA MENDRIKA
41 FAMPIANARANA AMBONY, FIKAROHANA ARA-TSIANSA
42 TONTOLO IAINANA
44 PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA
45 MPONINA SY SOSIALY, FAMPIROBOROBOANA NY VEHIVAVY
47 TANORA SY FANATANJAHAN-TENA
48 SERASERA SY KOLONTSAINA
51 TANANA VAOVAO SY TOERAM-PONENANA
51 ZANDARIMARIAM-PIRENENA

53 TENY FAMARANANA



# TENY FAMPIDIRANA

Miarahaba tompoko.

Ho antsika Malagasy rehetra monina eto MADAGASIKARA ary resy lahatra fa mbola honina sy hipetraka eto ; ho antsika mbola manana fanantenana fandrosoana eto amin'ny tanindrazantsika ; ho an'ireo namana sy havana any ivelany ka mitempo ho an'i MADAGASIKARA ny fony dia natao ho antsika rehetra ity boky ity.

62 taona izay no nahazoan'i Madagasikara ny fahaleovantena izay noheverina fa hialana amin'ny ziogan'ny mpanjanaka. Toa fahaleovantena sarintsariny fotsiny ihany anefa izany. 62 taona aty aoriana dia mbola anisan'ireo firenena mahantra indrindra maneran-tany isika. Tao anatin'izay fe-potoana izay anefa dia tsy nisy firenena avy any ivelany nanafika antsika, na koa ady an-trano lehibe ka niteraka fifamonoan'ny samy mpiray tanindrazana.

Etsy an-danin'izay, Repoblika efatra no nifandimby. Fifidianana maro no efa notanterahina. Nifanindran-dàlana tamin'izany ny fiovana sata isaky ny miova mpitondra izay samy te hametraka ny dian-tànany eo amin'ny tantaran'ny firenena. Nitondra voka-tsoa ho an'i Madagasikara anefa ve izany?

Raha banjinina amin'ny saina tsy miangatra dia nikororosy fahana hatrany isika na dia hoe nanana «fahaleovantena» aza. Porofon'izany ny trosa miavosa baben'ny firenena izay mitambesatra amin'ny taranaka ao afara, ary indrindra ny fitotongan'ny toekarena amin'ny ankapobeny sy ny fitotongan'ny fari-piainan'ny Malagasy.

Maro dia maro ny fanontaniana mipetraka manoloana ny zava-misy ary mila itondrana valiny sy vahaolana.

Na izany na tsy izany, nataon'Andriamanitra ho Nosy i Madagasikara. Tsy mitambatra amina firenena hafa ary mifankahazo amin'ny ankapobeny ny teny ampiasaintsika Malagasy tsy vaky volo. Misy izay ilaina rehetra eto, ary hafa ihany izany hoe mipetraka eto amin'ny tanindrazan'ny tena.

Teboka iray lehibe iaingantsika ny hoe : FAHALEOVANTENA, TENA IZY. Mba tsy hanjaka eto intsony ny fanjanahan-tany mivantana na an-kolaka mampahantra firenena fa: **NY MALAGASY ALOHA** no atao lohalaharana.

Atsangantsika miaraka ny firenena TENA MAHAVITA TENA sy TENA MAHALEO TENA, tsy hanjakan'ny kolikoly, misy fandriam-pahalemana azo antoka na an-drenivohitra na ambanivohitra. Ho tanteraka ireo dia mino isika fa ho maro ireo Malagasy any ivelan'ny nosy no hiverina hody, hivelona, hiaina sy hipetraka eto hiaraka hampandroso ny Tanindrazana.

Averintsika ny FOTOTRA sy LAFIKA rehetra tokony hanarenana ny toe karena sy sosialy izay efa lasan'ny vahiny. Avadika ho lesona ireo fanapahan-kevitra diso tao anatin'ny fitondrana nifandimby.

Araka ny voasoratra ao anaty Sata Fototra mifehy ny Antoko Politika Madio-APM, andininy fahadimy : ny teny filamatry ny antoko dia: **«Firenena fa tsy seza»**. Mifototra amin'ny firenena, fiandrianam-pirenena sy fitiavan-tanindrazana ny zava-drehetra mialohan'ny seza na andraikitra politika. Ilaina ny **fanapahana tadim-poitra amin'ny endrika fanjanahan-tany rehetra**.

Hiezaka ary isika hanangana **BANKY TENA MALAGASY** satria ireo bankitsika tany aloha efa namidy ho an'ny vahiny avokoa. Hiezaka koa isika hanangana **ORINASA MALAGASY**

**MAMOKATRA SOLIKA** izay iankinan'ny toekarena. Ho raisintsika an-tànana ihany koa ny **TOBIN'NY ASA VAVENTY MALAGASY** hanamboatra sy hikojakoja ny làlana.

Tsy vao androany ny AMPIHIMAMBA fa hita taratra tato anatin'ny fitondrana nifandimby. Mivangongo amin'ny olom-bitsy ny fandraharahana izay tambiny tamin'ny FAMPIELEZAN-KEVITRA. Omena izay namatsy vola ny sehatra stratejika maro be. Lasa takalon'aina ny vahoaka Malagasy satria « takalom-patsa, vidim-pihinanana ». Lasa sorona ny vahoaka Malagasy hamerenana ireo vola nahazoana ny seza.

Sosialy demokraty ny APM ka sarotiny amin'ny fitovian-jo ara-tsosialy. Manaiky ny fisian'ny lalànan'ny tsena saingy ny fanjakana no manara-maso sy tompon'ny teny farany. Raha ny fahantrana sy ny zava-misy amin'izao taona 2022 izao no jerena dia mbola tazomina ho tanjona ny hoe : MALAGASY MAHAVITA TENA ARA-TSAKAFO ARY AFAKA MANONDRANA NY AMBIM-BAVA ANY IVELANY. Fototra iaingana io satria rehefa mahavita tena isika dia manomboka eo ny atao hoe fampandrosoana.

Fantatra fa tamin'ny antontan'isa dia 80% n'ny malagasy dia tapitra teo amin'ny taona fahadimy ny fianarana : 7ème na T5. Izay no antony ilazantsika fa hifantoka ary hifototra betsaka amin'ny sehatr'asa voalohany na « secteur primaire » no laharam-pahamehana ho an'ny Antoko Politika Madio-APM. Tsy inona moa izany fa ny **FAMBOLENA sy ny FIOMPIANA.**


Ankoatry ny hevitray manokana dia nanovozana hevitra ihany koa ireo izay tena tsara sady voafantina tao anatin'ireo vinam-piarahamonina nampiasain'ireo fitondrana nifandimby. Izany rehetra izany moa dia nampiana ireo hevitra tsara voizin'ireo mpisehatra politika Malagasy eto an-toerana sy any ivelany, ka noraisina avokoa izay tsy mivoana amin'ny ideolojia ijoroan'ny Antoko.

Politika amin'ny ankapobeny ihany no nosoratana ato. Ny antsipiriany dia iarahana midinika amin'ireo teknisianina isaky ny sehatra any anaty ministera mifandraika aminy.

Noezahina nosoratana amin'ny teny Malagasy rano iray ity boky ity ankoatran'ireo voambolana teknika tsy voadika.

**« NY MALAGASY ALOHA ».** Ity no boky atolotray Antoko Politika Madio-APM ho FANARENANA sy VINAM-PIARAHAMONINA ho an'i MADAGASIKARA manomboka amin'ity taona 2022 ity.

Antananarivo, 8 aprily 2022


FANARENANA
APM
ANTOKO POLITIKA
MADIO
FIRENENA FA TSY SEZA

# VAHAOLANA POLITIKA FOLO (10)
## ATOLOTRY NY ANTOKO POLITIKA MADIO-APM

Vinam-piarahamonina no ho velabelarina ato anatin'ny boky. Fa mialohan'izay dia ireto manaraka ireto aloha ny vahaolana politika atolotray. Mety ho tsindry avy any amin'ireo firenena hafa izay mangeja antsika ny tsy nirosoana tamin'ireto kanefa heverinay fa antoka hahatanteraka ny vinan'ny Antoko Politika Madio : « Madagasikara afaka amin'ny zioga mangeja, Malagasy miadam-pinaritra ».

VAHA OLANA

**1** Rafi-panjakana mahasahy mandrava ka mametraka fototra vaovao dia ny LALAM-PANORENANA TENA METY ho an'i Madagasikara. Ireto tanisaina manaraka ireto ny fanovana tianay ho entina ao anatiny. Tanterahina faran'izay haingana izay fifidianana lalàm-panorenana izay

VAHA OLANA

**2** Fanovana RAFITRA sy fisafidianana OLONA : tsy ampy raha rafitra fotsiny no ovaina fa mila olona TENA VANONA sy VONONA. Mila mahasahy manapaka tadim-poitra amin'ny endrika fanjanahan-tany, tsy voageja na voafatotry ny firenena matanjaka. Raha mipetraka ireo dia ho afaka haingana ao anatin'ny fahantrana isika ka ho sahy amin'izay tena hanapaka tadim-poitra. Fa ankehitriny aloha dia mbola mahantra, mangataka lava ka tsy manana ny fiandrianany.

VAHA OLANA

**3** Olona matihanina amin'ny politika, voavolavola sy voataiza tany anaty Antoko Politika, ary koa ampy fahalalana sy fahaizana no mitondra firenena. Fanampin'izay dia olona manam-pahendrena, tia tanindrazana, manome vahana hatrany ny Malagasy ary tsy matahotra ny hiady sy hiaro ho an'ny tombotsoan'i Madagasikara.

VAHA OLANA

**4** **FITSINJARAM-PAHEFANA TENA IZY**

- FITANTANANA MANAKAIKY VAHOAKA no rafitra hamaha olana haingana amin'ny fitsinjaram-pahefana : FOKONTANY, KAOMININA, DISTRIKA. Fidiana avokoa ireo tompon'andraikitra ireo ary fidiana ihany koa ireo mpanolo-tsaina ao anatiny
- Asesy avy any amin'ny fototra ny fifidianana : FOKONTANY, KAOMININA, DISTRIKA, ANTENIMIERAM-PIRENENA, FILOHAM-PIRENENA. Ahena ny andraikitry ny filoham-pirenena fa mavesatra loatra
- Foanana tanteraka ny rafitra fanapariaham-pahefana (déconcentration). Miasa eny anivon'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana (kaominina sy distrika) ireo teknisianina (administrateurs civils) mahafehy ny fitantanana ny raharaham-panjakana
- Vesatra eo amin'ny asam-panjakana (lourdeur administrative) : tsy maintsy miezaka ny sehatra rehetra amin'ny fanamaivanana sy fanafainganana ny fomba fiasa

VAHA OLANA 5

## FISARAHAN'NY FAHEFANA TELO

● Tsy mahazo manendry mpikambana ao amin'ny Fitsarana avo momba ny lalàm-panorenana (HCC) ny Filoham-pirenena

● Esorina tsy ho mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra ambonin'ny Mpitsara (CSM) ny Filoham-pirenena, mba hitandrovana ny fahaleovantenan'ny Fitsarana

● Fidiana ny Minisitry ny Fitsarana ka ny fianakaviam-ben'ny mpitsara no mifidy azy

● Tsy miandry « décret d'application » ny fampiharana ny lalàna izay efa lany avy any amin'ny Antenimieram-pirenena

VAHA OLANA 6

## LALANA MIFEHY NY ANTOKO POLITIKA SY FIFIDIANANA

Efa nanolotra volavolam-panavaozana ny lalàna mifehy ny fifidianana ny Antoko Politika Madio-APM niaraka tamin'ireo antoko politika hafa sy firaisamonim-pirenena maromaro. Naterina tany amin'ny fahefana mpanao lalàna sy fahefana mpanatanteraka izany ny 28 jolay 2022. Ireto teboka roa ireto no tena singaninay manokana :

• FARITANA MAZAVA TSARA ny loharanom-bolan'ny Antoko Politika mba tsy ho vola maloto na tsy fanta-pihaviana. Izany no atao dia mba ho FERANA ny vola ampiasain'ireo kandidà hampitovy lenta ireo mirotsaka ho fidiana rehetra.

• TSY MAHAZO MIROTSAKA ho fidiana izay mizaka ny zom-pirenena hafa ankoatry ny Malagasy (double nationalité), fa mora voafatotra izy ireny amin'ny fanapahan-kevitra rehefa misy tombontsoa mifanipaka ny firenena roa tonta.

VAHA OLANA 7

● Tsy ilaina ny rafitra mpanao lalàna anankiroa (Antenimieran-doholona sy Antenimieram-pirenena)

● Foanana ny Antenimieran-doholona (SENAT) fa ampitomboina ny isan'ny solombavambahoaka, mba hisy lafin-kery sy lafin-kevitra maro samihafa eo anivon'ny antenimieram-pirenena. Farafahakeliny solombavambahoaka IRAY (1) ho an'ny olona IRAY HETSY (100.000). Raha ho an'ny Malagasy 26 tapitrisa izany dia solombavam-bahoaka 260 no ho fidiana.



VAHA OLANA 8

- Foanana ireo andraikitra mifanitsaka rehetra (doublure) fa tena mandany vola fotsiny
- Foanana ny CENI, vaomiera mahaleo tena mikarakara ny fifidianana. Averina amin'ny ministeran'ny atitany ny fikarakarana ny fifidianana hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Atao izany mba ialana amin'ny fifanilihana andraikitra amin'ireo rafitra roa mifanitsaka ireo
- Foanana fa tsy nahomby ireo rafitra rehetra miady amin'ny kolikoly izany hoe ny SAC (système anti-corruption) : BIANCO, PAC, SAMIFIN, CSI. Fitsarana ambaratonga voalohany avokoa no misahana ny raharaham-pitsarana rehetra
- Foanana ny « Haute Cour de Justice » HCJ fa manome vahana ny tsy maty manota ary tsy mahaleo tena fa miankina amin'ny antenimieram-pirenena
- Foanana ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy (CFM). Rafitra mandany vola fotsiny nefa tsy nahitana vokatra
- Foanana ny PRIMATURE ka afindra any amin'ny toerana hafa ireo mpiasa rehetra ao. Tsy ilaina ny Praiminisitra fa filan-kevitry ny minisitra tarihin'ny Filoham-pirenena dia ampy
- Foanana ihany koa ireo rantsa-mangaika mifanitsaka andraikitra (organismes rattachés) toy ny : ATT, APMF, BNGRC sy ny maro tsy ho voatanisa…. Efa rafitra anaty ministera no miandraikitra mivantana ny asan'ireo

VAHA OLANA 9

**FITSITSIANA**

- Tsy ekena intsony ireo fandaniam-bolam-panjakana mihoa-pampana, tsy mifanaraka amin'ny filan'ny ministera sy ireo andrim-panjakana. Ohatra : chèque carburant, fanoloana ireo fitaovana sy kojakoja rehetra rehefa misolo ny olom-boatendry, fivezivezena sy fivoahana any ivelany, fandehanana jet privé sy ny sisa….

- Amidy daholo ireo fitaovam-panjakana mandany vola amin'ny tsy tokony ho izy. Ohatra : fiara 4x4 lafo vidy sy ny maro hafa dia amidy avokoa

- Ny fitaovana rehetra ampiasain'ny olom-panjakana dia vidiana eto an-toerana raha mbola misy eto

VAHA OLANA 10

- Atao mangarahara sy manara-dalàna avokoa ny sehatra hampavitrika ireo mpampiasa vola avy any ivelany handraharaha eto Madagasikara : IDE na Investissements Directs Etrangers
- Ampahafantarina azy ireo mazava tsara ny fifanarahana fa « NY MALAGASY ALOHA » no laharam-pahamehana na dia eo aza ny tombotsoa ho azony amin'ny fampiasam-bola hataony eto

Raha ireo vahaolana politika natolotray ireo dia FIFIDIANANA LALAM-PANORENANA no làlana iray hanitsiana ny rafitra tsy mety eto Madagasikara hitondra mankany amin'ny FANARENANA.

# VINAM-PIARAHAMONINA

APM
ANTOKO POLITIKA
MADIO
FIRENENA FA TSY SEZA



# TAFIKA SY FILAMINAM-BAHOAKA

- Tsy maintsy manam-boninahitry ny tafika no minisitry ny foloalindahy
- Atao mirona kokoa mankany amin'ny « armée de developpement » ny tafika malagasy
- Ireo manam-pahaizana maro be ao amin'ny tafika dia alefa mandray anjara amin'ny asa fampandrosoana ny firenena : fotodrafitr'asa, asa vaventy, fitsaboana, fampandriana fahalemana…
- Atsangana isam-pokontany ny « Vaomieran'ny fandriam-pahalemana » ka ny Filoham-pokontany VOAFIDY no mandrindra izany. Eny anivon'ny Fokontany no manapaka ny teny ierana sy ny dinam-pokonolona raha misy
- Atao mitovy ny sazy sy fandraisana andraikitra na gasy na vahiny no tratra manao heloka. Ohatra amin'izany ny kidnapping sy fanondranana an-tsokosoko…
- Raha sanatria misy fanafihana dia tsy azo ekena ny hoe fiara tsy velona, na ny olona voatafika indray no mbola miantoka ny fandaniana rehetra : fisamborana, fiara fitaterana, gasoil, crédit, tambin-karama sns…
- Atao ampy isan'andro ny isan'ny mpitandro filaminana miasa eny amin'ny fifamoivoizana
- Atao isan'andro ny « opérations » fa tsy mandalo in-dray mandeha tsy miverina
- Hatsaraina ny fomba fiasa misy eo amin'ny « police des polices » sy ny « tribunal militaire »
- Jerena ny fomba rehetra mba tsy ho fitaovana politika maloto hiarovana fitondrana ny tafika
- Tsinjaraina araka ny tokony ho izy isaky ny kaominina ny miaramila, polisy, zandary. Ampitomboina ary hatsaraina ny fitaovana entin'izy ireo miasa
- Tsy ekena ny fampidirana fitaovam-piadiana tsy mazava
- Asan-dahalo sy halatr'omby : atsahatra ao anatin'ny fotoana voafetra aloha ny fanondranana omby velona sy ny fanondranana henan'omby
- Miahy sampan-draharaha maromaro ny foloalindahy. Ohatra amin'izany ny HOMI (Hopital Militaire) ao Antananarivo, ny tobin'ny aro lozan'ny fifamoivoizana (centre de sécurité routière) sy ny sisa. Jerena akaiky avokoa ireny sampan-draharaha ireny ary hatsaraina na ny fotodrafitr'asa na ny fomba fiasa ao anatiny
- Hananganana HOMI ireo distrika tsy mbola misy hopitaly. Ho an'ireo izay efa manana hopitaly dia afaka manampy isa any ny dokotera miaramila
- Hamafisina ny fiarovana ny sisin-tany sy ny fari-dranomasina. Mividy sambo sy fiaramanidina arakaraky ny hoenti-manana, dia vatsiana fitaovana raitra. Ampiasaina ihany koa ny teknolojia avo lenta.



# RAHARAHAM-BAHINY



- Tsy mizaka zom-pirenena hafa ankoatry ny Malagasy ny minisitry ny raharaham-bahiny
- Tsy mati-kenamaso ary tsy manaiky ny tsindry tsy ara-drariny avy any ivelany. Mila mametraka sy manana hazon-damosina isika satria : « NY MALAGASY ALOHA »
- Tsy maintsy « diplomate de carrière » ireo ho tendrena ho masoivohon'i Madagasikara any ivelany. Tsy ekena ho fanaovana « retraite politique » ho an'ireo namana tsy nahomby ny andraikitra maha masoivoho
- Tsy mitoka-monina i Madagasikara. Mitodi-doha amin'ny vazan-tany efatra ny diplomasia voizintsika. Tsy momba ny atsy ary tsy momba ny aroa. Na izany aza dia tsy ho averintsika intsony ny fiaraha-miasa be tsy an-draofana tamin'ireo firenena maro samihafa niainana teto tamin'ny Repoblika faharoa
- Mangataka « VISA » ary atao lafo ny sarany ho an'ny vahiny hiditra eto Madagasikara
- Atao mazava tsara ny tanjona sy ny antom-pisian'ireo masoivoho malagasy any ivelany : diplomasia matihanina, mikatsaka hatrany ny tombotsoa ho an'i Madagasikara any anaty fifanarahana rehetra
- Manao tatitra mazava sy ara-potoana ireo masoivoho any ivelany
- Araraotina izao fotoana izao hanatsarana sy hanavaozana ny resaka diplomatie : fifanarahana ara toe-karena, ara-barotra, ara-pitsarana amin'ireo firenena rehetra misy masoivoho Malagasy. Anisan'izany ireo fifanarahana aty amin'ny fari-dranomasina misy antsika sy fifanarahana iraisam-pirenena: SADC, COMESA, CEDEAO, OMS, ONU (UNICEF, FNUAP, PAM,⋯.)
- Miezaka mafy anaty fifanarahana mikasika ny fanamorana ny fahazoana vatsim-pianarana
- « **ILES EPARSES** » : Fiandrianam-pirenena ity ary fanapahana efa noraisina tao amin'ny Firenena Mikambana. TSY MAINTSY miaraka misalahy amin'ny Ministeran'ny raharaham-bahiny ireo karazana fahefana rehetra misy eto Madagasikara, amin'ny famerenana azy ity amintsika. Tsy ekena ho olom-boatendry izay tsy manana ambopom-pirenena mikasika ny Nosy Malagasy manodidina
- Resaka fahaleovan-tena, tena izy sy diplomasia : tohizana ny fialana tsikelikely amin'ireo karazana tsindry ataon'ny mpanjanaka taloha (lutte anti-impérialiste)
- Jerena ny fomba rehetra hiraisana hina amin'ny firenena Afrikana hafa mba te hiala ihany koa amin'ny fangejana mivantana na an-kolaka ataon'ny firenena mpanjanaka mbola te hitsetsitra ny harem-be misy aty Afrika
- Mila mahay misafidy ny firenena iarahana miasa i Madagasikara (relation bilatérale, relation multilatérale) fa tsy voagejan'ny firenena tokana na vitsivitsy fotsiny

# FITSARANA

- Atao amin'ny teny Malagasy avokoa ny taratasy eo anivon'ny fitsarana sy biraom-panjakana rehetra manerana ny nosy. Ireo voambolana teknika tsy voadika ihany no tazomina amin'ny teny frantsay
- Ampahafantarina ny olom-pirenena ny lalàna rehetra misy sy ny dingana arahina ao anatin'ny raharaham-pitsarana
- Fitsarana mahomby sy haingam-piasa : ialàna ny vesatry ny dingam-pitsarana (lourdeur administrative)
- Tsy maintsy atao ny fanaraha-maso ny fomba fiasan'ny rantsa-mangaikan'ny fitsarana manerana ny nosy
- Mba hialana amin'ny fitsaram-bahoaka dia averina ny fahatokisan'ny olona ny fitsarana : jerena ny fomba hampanarahan-dalàna ny dinam-pokonolona manaraka ny kolon-tsaina isam-paritra
- Azavaina tsara amin'ireo voaheloka ny didim-pitsarana noraisina mba hisian'ny mangarahara bebe kokoa
- Ampiana lalàna vaovao miaro ireo mahasahy mitoroka ny trangana kolikoly
- Hamoronana asa ireo voafonja mba hamokatra ; rehefa mivoaka izy dia omena fiofanana hahafahany miverina miaina ao anaty fiaraha-monina
- Tsy gadraina izay mahazo sazy mihatra latsaky ny herintaona : na izy ampanaovina « TIG : travaux d'intérêt général », na ampandoavina onitra na ny fitambaran'izy roa
- Asiana fitsarana sy fonja isaky ny distrika
- Averina jerena ny lalàna mifehy ny fitanana am-ponja vonjy maika. Toy izany koa ny fe-potoana farafaha-betsany hitazomana am-ponja ho an'ireo mbola tsy vita fitsarana
- Raha notazomina am-ponja vonjy maika ka tsy meloka dia mandoa onitra ny fanjakana
- Ahitsy ny lalàna mifehy ny fanambaram-pananana : jerena ny fomba tena mety hoe aiza no tokony atao izany mba ho fantatry ny be sy ny maro (olom-boafidy sy olom-boatendry ; manomboka eo amin'ny Tale no miakatra)
- Tsy adidin'ny mpitory sy ny toriana no manangona ny porofo fa adidin'ny mpanadihady




recharge
Speed

# TOE-KARENA SY NY VOLA



- Afaka miditra amin'ny fitantanana ny seha-pihariana ny fanjakana rehefa ilaina izany
- Omena FINTANA fa tsy trondro ny olona izany hoe : tsy zaharina tolorana fa omena fitaovana enti-miasa (tany, masomboly sns…). Raha fehezina dia : asa fa tsy sakafo
- Tsinjaraina ara-drariny ny tany ho an'ny tantsaha ary arahin'ny fanjakana maso ny asa rehetra ataony
- Esorina tsikelikely ireo izay mampiankin-doha ara-toekarena
- Omena sehatra ny vita Malagasy eny amin'ny sehatry ny tsena madinika na lehibe
- Izay orinasa misokatra dia afaka 6 volana vao mandoa hetra. Ny fokontany, misy ny filoham-pokontany voafidy, no manome fanamarinana fa misy ny orinasa « certificat d'existence »


## FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA

- Hampitomboina ny sehatra mandoa hetra, fampidirana ny rehetra anatin'ny sehatra manara-dalàna
- Atao mangarahara ny trosa rehetra hatramin'izay 62 taona nahazoana fahaleovantena izay. Ahena araka izay tratra ny findramam-bola avy any ivelany fa ny loharanom-bola ato anatiny no ezahina hampiodinana ny raharaham-panjakana
- Atao mazava ny tatitra fampiasam-bola manaraka ny teknolojia vaovao hahafahan'ny olona mijery amin'ny fotoana rehetra : « site web à jour »
- Ampiasaina ny teknolojia amin'ny fomba fandoavana ny hetra. Omena fiofanana momba an'izay ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana
- Arahina maso akaiky ny fanondranana vokatra satria tena mampidi-bola betsaka ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana

## VOLA

- « Création monétaire » : mamorona « banque de développement » ny fanjakana ka amin'ny tahany farany ambany ny zana-bola
- Mba hampatanjaka ny « Ariary » dia atonta eto Madagasikara ny vola Malagasy
- Ny fanjakana no mitantana ny banky, ny fiantohana, ny varotra
- Ampanarahana lalàna avokoa ireo misehatra amin'ny fanakalozana vola vahiny (devises)
- Vidian'ny banky foibe ny Volamena rehetra. Angonina, fehezina mba hampiakatra ny sandan'ny ariary. Mahaleo tena ny Banky Foibe

# FAMBOLENA, FIOMPIANA, JONO



- Ny **FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA ARY NY JONO** no atao fototra iaingana. Mivelona amin'ny herin'ny tena sy ny harena ato anatiny isika amin'ny alalan'ny FAMOKARANA

- Ampitomboina ny tetibola ho an'ity sehatra ity

- Ampitomboina araka izay tratra ny velaram-pambolena sy velaram-piompiana. Arahina fitaovana tena raitra mifanaraka amin'izany satria hatreto dia 20% n'ny PIB ihany no vokarin'ny 80% n'ny tantsaha any ambanivohitra

- Omena fiofanana mifanaraka amin'izao vanim-potoana izao ny tantsaha

- Hamoraina ny fanafarana fitaovana fiompiana sy fitaovam-pamokarana raitra

## FAMBOLENA

➘ Hamoraina ny vidin'ny fitaovana fambolena, hamoraina ny zezika

➘ Ampitomboina ny famokarana VOKATRA FIHINANA. Entanina ny mpamboly vita fiofanana mba hiezaka hamokatra bebe kokoa hatrany : vary, katsaka, mangahazo, tsaramaso sy ny sisa. Miala tsikelikely amin'ny fanafarana sakafo (importations de biens de consommation courante)

➘ Ampitomboina ny famokarana VOKATRA FANODINA : fary, voanjo, hasy na coton, paraky, taretra, rofia sy ny sisa

➘ Ampitomboina ny famokarana VOKATRA FANONDRANA : kabaro, lavanila, dipoavatra, kakao, kafe, jirofo sy ny sisa

➘ Ahodina eto an-toerana ny vokatra. Raha mbola azo atao dia tsy manondrana akora fototra

➘ Ampidirina eto ny traikefan'ny vahiny amin'ny resaka fambolena : fitaovana sy fahaiza-manao. Ny malagasy kosa anefa no miasa ao anatiny fa tsy omena vahiny ny tany

➘ Ampitomboina ny fotodrafitrasa ifehezana ny rano (barrages) hanondrahana ny lemaka fambolena

- Aparitaka amin'ny faritra maro ny fomba rehetra ahafahana mamboly tsy mitsahatra mandava-taona kanefa tsy manimba ny nofon-tany

- Ampitomboina ny mpanara-maso ny kalitaon'ny vokatra (norme, standardisation, certification du produit)

- Manondrana ny ambim-bava any ivelany rehefa mihodina tsara ny ato anatiny. Ny fanondranana no anisan'ny mampiditra vola vahiny be indrindra : omena vahana ary ampiana tosika ireo vokatra fanondrana

## VARY

- Foto-tsakafon'ny Malagasy ny vary : mila tanimbary midadasika ary atao TETIKASA NASIONALY (culture à grande échelle) ny fambolena azy. Jerena avokoa ary ampitomboina ireo toerana rehetra ahafahana mamokatra vary

- Fantarina ireo karazam-bary ambolena : vary mila itarihana rano raha tany maina ; vary ambolena rehefa fotoam-pahavaratra ; vary arakaraky ny faritra : afovoan-tany, afovoany andrefana, vary famboly any Alaotra … sy ny sisa

- Ampiharina ny teknika tena mety hampitomboana ny voka-bary azo isaky ny hekitara : fampiasana zezika tena tsara, masomboly voafantina sy mifanaraka amin'ny tanimbary ho volena, fanafody famonoana bibikely

- Ampiasaina ny traikefa ananan'ireo mpamboly : voly vary an-tanety, fambolem-bary in-droa isan-taona na mihoatra

- Tanjona ny mba tsy hindraman'ny tantsaha vola intsony amin'ny resaka fitaovana sy masomboly. Raha tena tsy maintsy hiditra amin'izay dia entanina izy fa efa misy ny « banque de développement » an'ny fanjakana

- Arahin'ny fanjakana maso tsara ny fitantanana ny vokatra vary mba isorohana ny manjaka tokana (monopole)





## FIOMPIANA

- Omena karazana fiofanana ny mpiompy, vatsiana fitaovana hahafahany mivelatra
- Averina ny toby fanatsarana omby (race bovine) toy ny efa nisy tao Tsiroanomandidy sy Mahajanga
- Fiompiana ombivavy be ronono : ampitomboina ny karazana orinasa toy ny FIFAMANOR
- Omena sehatra, ampiana tosika ireo tanora mikirakira ny fanakotrehana atody mandeha amin'ny herin'aratra
- Ampitomboina ny isan'ny mpitsabo biby. Toy izany koa ireo sehatra mikarakara fanefitra sy vakisiny ho an'ireo karazana biby fiompy mampidi-bola. Tafiditra ao anatin'izany ny fanafody kankana ho an'ireo biby fiompy ireo

## JONO

- Midadasika ny fari-dranomasin'i Madagasikara hahafahana manjono. Averina ny prekaoperativan-dehilahy momba ny fanjonoana
- Arovana ny fari-dranomasina mba tsy hanjakazaka ny mpanjono vahiny tsy ara-dalàna : fampiasana teknolojia amin'ny fanaraha-maso
- Ampiakarina ny hetra ho an'ireo sambo vahiny mahazo alalana hanao jono indostrialy. Atao henjana ny sazy ho an'ireo mpanome alalana an-tsokosoko ireo mpanjono « pirate » tsy ara-dalàna
- Omena fiofanana ny mpanjono Malagasy manao ny jono nentim-paharazana. Vatsiana fitaovana izy ireo entiny manarato. Omena « chambre froide » hitehirizana trondro
- Hamoraina ny làlam-barotra izoran'ny vokatra hazandrano hiakatra ny tanàn-dehibe sy ny renivohitra. Mba manana safidy ara-tsakafo toy ny trondro ny mpanjifa ankoatry ny hena sy ny vorona
- Tohizana ny ezaka fanajana ny fe-potoana fanatodizan'ny hazandrano (trondro, makamba···sns)





# INDOSTRIA, VAROTRA, ASA TANANA

## INDOSTRIA

Tanjona ny hisian'ny indostria iray farafahakeliny isaky ny distrika (ODOF : one district, one factory). Tena hamoraina ny fananganana orinasa madinika amin'ny alalan'ny fampindramambola anatiny.

Ezahina ny hisian'ny karazana indostria samihafa isaky ny sehatry ny vokatra :

- Fanodinana ny hasy (coton) ho lasa lamba fitafy, ny fary ho lasa siramamy sy alcool, ny faikana sisal ho lasa zezika, ny varim-bazaha ho lasa lafarinina, ny raokandro ho lasa fanafody sy ny sisa
- Ampidirina ao anatin'ny fambolena lehibe amin'ireo tany midadasika ny fambolena soja, voanio, hasy ary voanjo. Ahodina ireo ho lasa menaka fihinana
- Averina velomina ny indostria mpanamboatra sira any Antsiranana sy Toliary
- Manangana indostria vaovao hamokatra simenitra sy sokay. Toy izany koa ny ozinina mpamokatra vy (fers ronds) sy ireo ozinina mpanamboatra fanitso, fantsika, grillages, vis, boulons, tuyaux
- Ampiana tosika mafy be ireo orinasa sy indostria manamboatra savony vita avy amin'ny jabora na menaka matevina avy amin'ny voanio ; miampy ny soude caustique vokarina eto an-toerana ihany
- Ampiana tosika ihany koa ireo orinasa mamokatra taratasy mba tsy iantehitra amin'ny avy any ivelany foana
- Manangana orinasa maro hanodina ny ronono ho lasa vokatra amin'ny endriny maro : dibera, yaourt, fromage, ronono mandry sy ny sisa.
- Atsangana ny indostria fanodinana toaka gasy mba ho azo ampiasaina sy afaka hifaninana amin'ny vokatra lafo avy any ivelany. Io orinasa io no manangona ny vokatry ny tantsaha ary manodina azy. Misy amin'izany ho lasa « biocarburants »
- Atsangana ny indostria ho fanodinana ny rongony ho avadika fanafody sy izay vokatra mety ho azo amin'izany toy ny « huiles essentielles »
- Ampitomboina ny famokarana fiara « Karenjy » ary hatsaraina hatrany ny endriny sy ny kalitao



## VAROTRA

- Vokatra eto an-toerana ihany no jifaina ; miezaka ny tsy manafatra : ampiakarina ny hetra amin'ireo vokatra avy any ivelany
- Ajanona ary tsy azo ekena ny manjaka tokana (monopole) fa avela hisy ny fifaninanana
- Ferana sy ajanona ny fanondranana akora fototra (matières premières)
- Vokatra voahodina eto no aondrana
- Fifandraisana ara-barotra amin'ny sehatra iraisam-pirenena : avaozina ny fifanarahana rehetra mba ho tombotsoan'ny Malagasy. Miala ao anatiny isika raha tsy mahafa-po ny tombotsoa
- Rarana ny fampidirana friperie, omena lanja ny vita Malagasy
- Mamorona sampana mampahafantatra sy mivarotra ny vokatra malagasy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Izany dia iarahana miasa amin'ny ministeran'ny raharaham-bahiny sy ireo masoivoho malagasy any ivelany

## ASA TANANA

- Omena sehatra sy fitaovana ny asa tànana Malagasy : famoronana asa haingana, mampiditra vola vahiny. Ireto ny santionany : asa tànana momba ny hazo, hoditra, sary sikotra, lamba, vatosoa isan-karazany
- Ankoatry ny CENAM eto Antananarivo (Centre National pour l'Artisanat Malagasy) dia atsangana ihany koa ny ivo-toerana momba ny asa tànana isaky ny distrika
- Averina ny prekaoperativan-dehilahy sy prekaoperativam-behivavy mahakasika ny asa tànana : fanamboarana baoritra sy kitapon-tsimenitra, fanaovana biriky tanimanga, fanamboarana hoditra, asa tànana momba ny vy, mekanika aotomobilina, tenona, rary, zaitra, mpanao akanjo ba, satroka, crochet
- Atsangana ny indostria manamboatra kiraro, kitapo, akanjo, baolina vita avy amin'ny hoditr'omby


Madagascar
Souvenir de

# ATITANY SY FANAPARIAHAM-PAHEFANA

- Hamaivanina amin'ny fomba rehetra ny vesatra ara-taratasy kirakiraina any anaty biraom-panjakana manerana ny nosy (lourdeur administrative)

- Mba hialana amin'ny fanilihana andraikitra : Ovaina ny Andininy faha-5 Paragraphe 2 anaty lalàm-panorenana taona 2010 fa averina amin'ny ministeran'ny atitany 100% ny fikarakarana fifidianana. Foanana noho izany ny CENI na ny Vaomiera mahaleo tena mikarakara ny fifidianana

- Ovaina ny Andininy 148 ao amin'ny lalàm-panorenana ankehitriny ka ny FOKONTANY fa tsy ny kaominina no Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana fototra. Izany hoe ampidirina anaty CTD (collectivités territoriales décentralisées) ny fokontany ary fidiana ny FILOHAM-POKONTANY sy ny Komitim-pokontany

- Apetraka eny amin'ny Fokontany sy ny Fokonolona ao anatiny ny « VATOEKA » na ny Vaomieran'ny Toe-karena

- Faritana mazava tsara ny andraikitra sahanin'ny Filoham-pokontany ho fidiana

- Mamaha olana betsaka rehefa voafidy ny Filoham-pokontany satria manam-pahefana izy ka afaka manakana tetikasa tsy ara-dalàna ny vahoaka isam-pokontany : fanotofana tany sy fanorenana tsy ara-dalàna, fitrandrahana tsy ara-dalàna (vatosoa, hazo sarobidy sns), manafoana ny « doublons » any anaty lisi-pifidianana. Mahafantatra ny laharam-pahamehana ao amin'ny fokontany misy azy ny Filoham-pokontany voafidy ; afaka manara-maso isan'andro izay mety ho fanararaotana amin'ny vidin'entana

- Ampitomboina ny tetibola hahafahan'ny ministeran'ny atitany mametraka fitsinjaram-pahefana tena izy sy manao ny DIGITALISATION manomboka eny amin'ny fokontany

- Tanterahina ny DIGITALISATION eo amin'ny sehatra nasionaly (E-pays), tsara tantana (E-gouvernance), sehatry ny varotra (E-commerce, E-paiement), asam-panjakana (E-administration), sehatry ny fifidianana (E-democratie, E-vote)

- Atao tanjona ny hananan'ny ankizy ny kopia nahaterahana, hanan'ny lehibe kara-panondrom-pirenena ary hananan'ireo manambady bokim-pianakaviana sy kopian'ny sora-piankohonana

- Marihina fa iarahana miasa amin'ny fanjakana foibe izany rehetra izany satria mila herinaratra sy fitaovana informatika ny DIGITALISATION (ordinateurs, serveurs, onduleurs, connexion internet, olona mahay mikirakira informatika)

- Hatsaraina, atao mandroso ary atao azo iainana amin'ny fomba rehetra ny distrika rehetra mba ialana amin'ny fifindra-monina be loatra mankaty amin'ny Renivohitra

# FANAJARIANA NY TANY SY ASA VAVENTY

## FANAJARIANA NY TANY

- Manomboka eny anivon'ny fokontany misy Filoham-pokontany voafidy no mamaha ny olana ady tany
- Hatsaraina ary raketina anaty solon-tsaina isaky ny kaominina ny resaka fananan-tany
- Ampiasaina teknolojia vaovao ny sehatry ny tany sy fananan-tany (informatisation sy digitalisation). Ampiasaina ny SIG (système d'information géographique), arovana amin'ny QR CODE ny kadasitra
- Ady tany : TSY EKENA intsony ny fanararaotana fahafantarana olona ambony, fampiasana ny manam-pahefana
- OMENA TOMBONY manokana ny teratany malagasy amin'ny resaka fividianana tany. Fantatsika tsara fa tsy mitovy ny hoenti-manana ary ho lasa tompony mangataka atiny eto isika Malagasy tompon-tany kanefa mahantra tsy mahavidy na 1m² aza
- Ferana ho 20 TAONA FARAFAHABETSANY ny « bail emphytéotique »
- Asiana mpisolovava maimaimpoana ho an'ny vahoaka rehefa misy ady tany. Miaraka miasa amin'ny ministeran'ny fitsarana ny fampiharana an'izany
- Omena tany voafaritra sy voadinika ireo tanora rehetra misora-panambadiana ara-dalàna sy ara-panjakana
- Ny tany izay notsinjaraina ara-drariny dia natao hambolena. Tsy azo atao ny mivarotra azy raha tsy izany dia averina amin'ny fanjakana rehefa tsy hamboly ny tompony



## ASA VAVENTY

- Raisin'ny fanjakana Malagasy an-tànana ny tobin'ny asa vaventy manamboatra sy mikojakoja ny làlana
- Ampitomboina ny tetibola ho an'ny fikojakojana ireo làlana efa misy
- Ampitomboina ny tetibola ho an'ny fanamboaran-dàlana vaovao (vita goudron) sy tetezana vaovao manerana ny nosy
- Vitaina tara (goudron) na rarivato ny làlana mampifandray ny distrika 119 eto Madagasikara
- Ny orinasa ao anatin'ny faritra misy ny distrika, ka mahafeno fepetra, no mandray anjara amin'ny fanamboarana làlana ao anatin'ilay distrika
- Hamafisina ny fanaraha-maso ny kalitaon'ny làlana amboarina : mifanaraka amin'ny vola mivoaka
- Atao mangarahara ny tatitra ara-bola : mialoha sy aorinan'ny fanamboarana
- Ny faikany (déchets) avy amin'ny menaka mavesatra (huile lourde) misy eto amintsika dia alaina hanaovana goudron amin'ny fanamboaran-dàlana
- Hatsaraina avokoa ireo karazana fitaterana ahazoana tombony sy mety indrindra amin'ny fivezivezen'ny olona sy ny vokatra : fitaterana an-tanety, an-dalamby, an-dranomasina, an-dranomamy, an-habakabaka
- Tena tanterahina amin'izay ny fanamboarana sy ny fanangezana ny « canal des Pangalanes » hitaterana vokatra. 700 kilometatra izy io mampitohy an'i Toamasina hatrany Farafangana ary tsy nisy fanamboarana intsony taorian'ny nahazoana fahaleovantena. Dinihin'ny teknisianina na mety na tsia ny fitaterana olona amin'io
- Atao tetik'asa lavitra ezaka ny fanamboarana « autoroute » mampitohy an'Antsiranana sy Toliary



# FANABEAZAM-PIRENENA, FAMPIANARANA ARA-TEKNIKA SY ARAK'ASA

➘ Tsy ekena ny famotehana ny fampianarana na mivantana na an-kolaka. Rehefa mitombo ny fahaizana sy fahalalana dia mivoatra manaraka izay ny mponina ao anatin'ny firenena



## FANABEAZAM-PIRENENA

➘ Atao ao anatin'ny fohy ezaka ny fananganana foibe fampianarana mamaky teny sy manoratra, fampianarana teny vahiny ary fampiofanana ny olon-dehibe mbola matanjaka sady afaka miasa

➘ Raisina ireo izay vonona hampianatra mamaky teny sy manoratra an-tsitrapo (alphabetiseurs volontaires). Ny tanjona dia mba mahay taratasy sy mamaky teny daholo ny malagasy rehetra

➘ Manatanteraka zaikabe nasionaly momba ny fanabeazana : fanabeazana ara-drafitra sy tsy ara-drafitra

➘ Atao AMPY ny mpampianatra tsara hofana sy fitaovana raitra (boky, ordinateurs…)

➘ Foanana ny FRAM : ampitomboina ny fandraisana mpampianatra izay niofana manokana ny ho amin'izany (Ohatra : ENS, departemanta fiofanana ho mpampianatra eny amin'ny Oniversité)

➘ Tsy maintsy manaraka ny fanapahan-kevitry ny fanjakana ny fanabeazana tsy miankina

➘ Hatsaraina avokoa ny toeram-pianarana efa misy. Tsy ekena ny fianarana tafo lanitra sy seza vato

➘ Ampiakarina ny lentan'ny fampianarana mba hampavitrika ny Malagasy rehetra hianatra eny amin'ny sekolim-panjakana

➘ Maimaim-poana ny fianarana eny amin'ny EPP, CEG, LYCEE. Tsy maintsy mahavita ireo dingana ireo ny zaza Malagasy

➘ Amboarina ny programam-pampianarana (calendrier scolaire) : janoary-febroary-marsa no fialan-tsasatra lehibe (grandes vacances). Averina dinihina ary tapahina izay hevitra tsara natolotra tamin'ny PSE na ny « politique sectorielle de l'éducation »

➘ Ekena fa omena fankasitrahana ireo nahazo naoty ambony tamin'ny fanadinana natrehina fa jerena manokana indrindra indrindra ireo tsy afa-panadinana noho ny antony mety ho fahantrana sy tsy fananana

➘ Asiana fifaninanana ara-pahaizana fa tsy kitrano an-trano na loko politika ny chef DREN, CISCO, proviseurs, directeurs sy ireo olona tendrena

➘ Handraisana fepetra ireo sekoly tsy miankina tsy manaraka fenitra na tsy mahafeno fepetra sy/na manao « business » ny fampianarana. Ampiana ireo « inspecteurs pédagogiques »

➘ Ampidirina anaty programam-pampianarana ny Kabary izay soatoavina mampiavaka ny Malagasy

➘ Ampidirina ao anaty « éducation civique » ny taranja fampivoarana ny tena (développement personnel)

➘ Ny fampitana fahalalana dia ezahina atao amin'ny fiteny Malagasy. Tsy atao ambanin-javatra ny fampianarana teny vahiny hafa. Tanjona ny hahaizan'ny mpianatra Malagasy tenim-pirenena ROA farafahakeliny ankoatry ny Malagasy


## FAMPIANARANA ARA-TEKNIKA SY ARAK'ASA

➘ Vahaolana fohy ezaka ny fanofanana teknisianina eo amin'ny sehatra maro mba ialana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Anisan'izany ny fanofanana teknisianina amin'ny fambolena sy ny fiompiana

➘ Atao mifandanja ny lentan'ny fampianarana ara-teknika an-drenivohitra sy ambanivohitra. Atao mifandanja ihany koa ny sekoly mitsangana isam-paritra indrindra ny sekoly ambony sy ny sekoly teknika. Tsy voatery hiakatra aty an-drenivohitra ny mpianatra handrato fianarana satria tena efa be loatra ny mponina eto Antananarivo

➘ Jerena maika ny fampiofanana arak'asa mampidi-bola haingana : fizahan-tany, fanamboaran-trano, fambolena sy fiompiana, indostria mpamokatra lamba ary ny teknolojia

# FAHASALAMANA




- Rehefa mipetraka ny fitsinjaram-pahefana tena izy dia apetraka ny fiahiana ara-pahasalamana (sécurité sociale)
- Atao maimaimpoana ny fitsaboana fototra ary atao zakan'ny rehetra ny saran'ny fidirana hopitaly
- Ampitomboina ny isan'ny mpianatra mpitsabo matihanina isaky ny « spécialité », raisina amin'ny fifaninanana (concours)
- CHD sy CSB : hatsaraina sy vatsiana fitaovana izay efa misy (scanner, fanaovana dialyse, extracteurs sy concentrateurs d'oxygène…)
- Hanamboarana hopitaly vaovao ireo kaominina sy distrika mbola tsy misy. Atao ampy ny mpitsabo indrindra indrindra ny « infirmiers » sy « sage-femmes » ho fitsinjovana ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza eo am-piterahana
- Ny hopitaly rehetra dia asiana jiro sy rano, fanariam-pako, trano fidiovana sy lava-piringa madio
- Atao tsara ny làlana mankany amin'ny hopitaly
- Tsy asiana fanavakavahana na olona ambony na olona tsotra rehefa miditra hopitaly
- Mila miomana foana ny ministera amin'ny karazana valan'aretina mety ho avy
- Zaraina araka ny tokony ho izy ny tetibola ho an'ny hopitaly : karaman'ny mpiasa, fanafody, fampiodinan-draharaha, fikojakokana ny trano
- Omena lanja ireo mpitsabo nentim-paharazana na mpitsabo tradisionela malagasy ary tsy ekena ny fanambaniana ataon'ireo matanjaka iraisam-pirenena mahakasika azy ireny
- TSY EKENA ny famerana ny isan'ny zaza ateraka. HARENA ny olona sy ny mponina rehefa hay ny mampiasa azy sy rehefa omena ny fahafahana rehetra izy handray anjara amin'ny fampandrosoana firenena
- Toy ny VIH SIDA dia sarotra ihany koa ny ady amin'ny Coronavirus. Andao isika hianatra hiaraka miaina amin'ireny aretina ireny. Ny fepetra mifandraika amin'izay no hamafisina. Tsy ekena ny filazana fa noho ny aretina toy ny Coronavirus no tsy mampandroso ny firenena

- Rehefa madio ny tontolo dia tsy azo ekena intsony ny fisian'ny aretina azo avy amin'ny loto toy ny peste sy ny choléra sy ny sisa
- Tsy miantoka ny fanjakana raha mila fitsaboana any ivelany (EVASAN) ny olom-panjakana iray
- Manomboka izao dia tsy tokony hisy mpiasam-panjakana manao EVASAN. Apetraka ny sampan-draharaha ao anaty ministera « haute autorité de la santé publique ». Io no manapaka raha ilaina na tsia ny EVASAN mba ialana amin'ny fandaniam-bola fahatany



## FANAMBOARANA FANAFODY

- Mampidi-bola be ny voka-pikarohana fanafody azo avy amin'ny zavamaniry misy eto : kininimpotsy, ravintsara, niaouli, mandravasarotra sy ny sisa. Hitadiavana làlam-barotra mendrika ary ampitomboina ny hetra amin'ny fanondranana « huiles essentielles » avy amin'izy ireny
- Miasa avy hatrany any amin'ny toeram-panamboarana sy famokarana fanafody misy eto an-toerana ireo mpianatra nahavita fikarohana siantifika
- Angatahina kasem-panamboarana (brevet d'invention) an'ireo karazam-panafody tradisionela malagasy
- Betsaka ny aretina misy aty amin'ny tany mafana sy ny morontsiraka. Tsy mety resy ohatra ny tazomoka. Ankoatry ny lay misy ody moka dia vokarina ireo fanafody mamono moka izay tena mandaitra toy ny citronelle …



# ANGOVO SY AKORAN'AFO

- Taona 2021 : **14%** n'ny malagasy fotsiny no misitraka herin'aratra ;

  **5%** ao anatin'izay fotsiny no misitraka herin'aratra any ambanivohitra
- Tanjona ny fampidirana jiro, ny fampihenana ny vidin'ny jiro : vidin'ny poteau, compteur, fils sy ny sisa
- Tanjona ihany koa dia mba tsy hisy intsony ny fahatapahana « délestage »
- Soloina avokoa ireo « transformateurs » efa tranainy mba ho « stable » tsara ny tension Jirama : 220 Volt



## JIRO SY HERIN'ARATRA

- Dinihina ireo sehatra rehetra hahafahana mamokatra herin'aratra : éolienne, énergie hydraulique, énergie solaire, énergie nucléaire sy ny sisa. Miantso fiaraha-miasa amin'ireo teknisianina Malagasy ary ampian'ny traikefan'ireo teknisianina vahiny. Misy eto daholo ireo akora fototra ilaina amin'izany fa tsindry avy any ivelany no sakana tsy nanatanterahana azy
- Hialana tsikelikely ireo sehatra mangeja sy mamatotra tsy hahafahantsika misitraka herin'aratra : solika lafo, fanofana « groupes électrogènes » amin'ny vahiny
- Ananantsika mandava-taona ny masoandro sy ny rivotra : hamafisina sy ampitomboina ny fametrahana « centrale solaire » sy « éolienne » manerana ny nosy
- Omena fazahoan-dalana ireo mamam-pahaizana Malagasy hamokatra herin'aratra. Betsaka izy ireo : eto an-toerana sy any ivelany
- Volena jiro ny arabe sy any anaty elakela-trano
- Tsy sarahana amin'ny fanjakana ny sehatry ny jiro sy herin'aratra ary ny rano




## ANGOVO

- Hialana ny geja ara-toe-karena. Averina tantanan'ny fanjakana ny sehatry ny fanafarana, ny fitaterana sy fanatobiana solika

- Manafatra solika mivantana ny fanjakana. Mizara fotsiny ihany sisa no ataon'ny mpandraharaha tsy miankina « compagnies pétrolières »

- Tsy maintsy mandoa ny « Redevances » mbola tsy voaloa ireo « compagnies pétrolières »

- Trandrahana ireo solika « brut », « huile lourde » ao BEMOLANGA sy TSIMIRORO. Tsindry avy any ivelany no tsy nahafahana nitrandraka ireo hatramin'izay. Noho ny tsy fahampian'ny fitaovana sy traikefa dia tsy maintsy miara-miasa amin'ny firenena vahiny isika. Mailo sy mitandrina anefa isika ary tsy manaiky lembenana amin'ny fifanarahana izay atao

- Hafainganina ny fananganana orinasa mpitrandraka solika sy mpanadio solitany (raffinerie) mba ialana amin'ny fanafarana mahafaty antoka

- Tohizana ary tena vitaina ny orinasa mitrandraka sy manodina « Ethanol » mba ialana amin'ny fanimbana ala

- Omena ny faritra na distrika tsirairay ny fahefana mametraka ny angovo azo havaozina mifanaraka amin'ny akora fototra ananany

# RANO



Ny RANO NO AINA : ilaina amin'ny fivelomana, fahasalamana, fambolena, fiompiana, fahadiovana

**5%** n'ny Malagasy ihany no misitraka rano fisotro madio

**90%** n'ny hopitaly sy ny sekoly dia tsy misy rano madio

- Manamboatra foto-drafitr'asa hanangonana rano manerana an'i Madagasikara, indrindra any amin'ny toerana be orana
- Miaraka midinika ny teknisianina hahafahana mitrandraka ny azo ampiasana ireo karazana renirano sy loharano misy eto
- Antsoina ary omena fazahoan-dàlana ireo mamam-pahaizana Malagasy (eto an-toerana sy any ivelany) hamokatra famatsiana rano
- Entanina ny fanampiana famatsiana rano sy paompy avy amin'ny sehatra tsy miankina, kanefa tsy mitavandra fotsiny amin'izy ireo ny fanjakana
- Mijery tany mety hanamboarana lava-drano dia asiana « pompe à eau solaire » isaky ny fokontany : na an-drenivohitra na ambanivohitra. Manana andraikitra goavana amin'io ny Filoham-pokontany voafidy
- Atao hentitra ny fanaraha-maso ny fivoahan'ny rano maloto


## KERE ANY ATSIMO

- Jerena izay azo tanterahina haingana kanefa maharitra amin'ireto : fanesorana ny sira amin'ny ranomasina ho lasa rano azo sotroina, averina dinihina ny fitarihana rano avy any Menarandra (tetikasa efa nokasaina hatramin'ny Repoblika faharoa)
- Tohizana ny tetikasa « pipeline » efa natomboka sy nolazaina tamin'izao Repoblika fahaefatra izao

## HO AN'ANTANANARIVO

- Ankoatran'i Mandoseza dia jerena sy heverina izay azo hanodinana ny rano misy eto Antananarivo sy ny manodidina hanampy famatsiana ny Renivohitra
- Hatsaraina avokoa ny làlan'ny fantsona sy ny fitaovana rehetra ahazoana rano eto Antananarivo. Raha mety dia tanterahina ilay hevitra hoe « robot » no hanamboatra ny fantsona simba

# HARENA AN-KIBON'NY TANY



- Hampiakatra ny harin-karena faobe ary hampidi-bola haingana ao anaty kitapom-bolam-panjakana ao anatin'ny fohy ezaka ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany. SAINGY : amboarina tanteraka aloha ny lalàna mifehy ny fitrandrahana (code minier) mba ho tena mangarahara sy tsy ho tantely afa-drakotra

- Miara-miasa amin'ny firenena manana traikefa ireo manam-pahaizana Malagasy mandrafitra ny « Atlas des mines », hahafantarana ny karazana harena rehetra misy eto

- Averina ny sekoly nasionaly manofana momba ny fanodinana vato sarobidy

- Ampidirina anaty sehatra ara-dalàna ireo mpitrandraka madinika Malagasy

- Hamoraina ary atao mangarahara ny fanomezana alalana hitrandraka

- Ho an'ireo mpampiasa vola mivantana avy any ivelany (IDE : investisseurs directs étrangers), eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany dia tsy maintsy 50% farafahakeliny ny tombotsoa ho an'ny Firenena Malagasy

- Ny mponina ao amin'ilay toerana no omena vahana voalohany miasa ao amin'ilay orinasa mpitrandraka

- Tombotsoa ho an'ny firenena, tombotsoa ho an'ilay toerana hanaovana fitrandrahana : hanamboarana fotodrafitr'asa mampandroso ho an'ny be sy ny maro fa tsy tombotsoa ho an'ny olom-bitsy (làlana, tetezana, barrage, hopitaly, sekoly sy ny sisa···)

- Fehezina ny akora fototra amin'ny resaka harena an-kibon'ny tany satria mbola tsy manana fahefana ara-teknika hitrandraka sy hanodina ny vokatra isika. Mifanaraka amin'ny mpiara-miombona antoka, amin'ny orinasa mpitrandraka vahiny ka 50% farafahakeliny ny miditra amin'ny fanjakana Malagasy. Tafiditra ao anatin'izany ny vato sarobidy rehetra sy ny solika (pétrole brut)

- Ho fidiram-bola haingana dia trandrahina miaraka amin'ny mpiara-miombona antoka vahiny araka ny fifanarahana voasoratra teo aloha ireto manaraka ireto : Bauxite ao Manantenina ahodina ho alumine sy aluminium, Ylménite ao Fenoarivo Atsinanana ho lasa Zircon, Chromite ao Andriamena ho lasa ferro-chrome, marbre ao Ambatofinandrahana. Maro be izy ireo fa ny teknisianina ao anatin'ny ministera no mamaritra ny tohiny

- Asiana guichet unique any amin'ny Kaominina ho an'ireo hivarotra harena an-kibon'ny tany



# FITATERANA, FIZAHAN-TANY, FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO

## FITATERANA AN'HABAKABAKA

- Nosy i Madagasikara : tokony ary tsy maintsy mampidi-bola ny orinasam-pitaterana an'habakabaka Malagasy. Foanana ny goragora eo amin'ny mpisehatra rehetra manodidina ny fitaterana an'habakabaka
- Arenina ny lesoka misy amin'ny seranam-piaramanidina eto Madagasikara : na seranam-piaramanidina iraisam-pirenena io na seranam-piaramanidina tsotra. Tafiditra ao anatin'izany ny tandrevaka amin'ny fomba fiasan'ny ACM (Aviation civile de Madagascar)
- Vondrona Malagasy tena mahay ary manana traikefa amin'ny resaka fitaterana an'habakabaka no manapaka amin'ny fanapahan-kevitra goavana : fividianana fiaramanidina, fifanarahana ara-barotra amin'ny fanofana fiaramanidina (ACMI : Aircraft Crew Maintenance Insurance)
- Natomboka tamin'ny taona 2017 ary efa vita tanteraka ny aéroport international Terminal C ao Ivato. Mila averina mazava sy matotra tsara ny fifanarahana satria ny fanjakana Malagasy no nandoa vola (trosa) tamin'io kanefa dia ny vahiny ihany ve no mitantana azy ankehitriny ?
- Ampiasaina ny teknolojia avo lenta amin'ny fanaraha-maso ny sisin-tany ; tsy ekena ny sidina tsy fantatra mazava (vols clandestins) izay fanararaotan'ny mpanondrana an-tsokosoko harena sarobidy
- Averina jerena ny fifanarahana sy ny fifampiraharahana amin'ny resaka « droits aériens » amin'ireo orinasam-pitaterana an'habakabaka vahiny
- Tanjona lavitra ezaka ny fanamboarana seranam-piaramanidina iraisam-pirenena vaovao any amin'ny toerana heverina fa handroso ara-toekarena sy be mpitsidika amin'ny resaka fizahan-tany
- Sokafana ho an'ny Kompaniam-pitaterana an'habakabaka rehetra ny lanitr'i Madagasikara « Open Sky » mba hisian'ny fifaninanana. Apetraka mazava tsara ny fifanarahana

## FITATERANA AN-TANETY

- Havaozina tanteraka ny fazahoan-dàlana mitondra fiara : ovaina ho « Permis biométrique ». Sokafana ny fanadihadiana ho an'izay nanao ny permis « Vorontsiloza »
- Averina ho tena matihanina ny fanaovana « visite technique » ho an'ny fiara
- Tsy azo ekena ny goragora amin'ny fanarahana ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana
- Avaozina ny fanomezana « licence » sy fazahoan-dàlana ho an'ny kaoperativa (nationale, régionale, urbaine, suburbaine). Torak'izany ihany koa ny Taxi-ville



- Manana fitaterana mahazatra ao aminy ny isaky ny distrika : taxi, bus, bajaj, taxi-moto, cyclo-pousse, taxi-bicyclette, pousse-pousse, sarety, kalesa. Taratry ny fahantrana sy tsy fananana asa ny hamaroan'izy ireny. Ezaka itambaran'ny ministera rehetra noho izany ny fialana amin'ny fahantrana sy ny fampananana asa fa mandra-pahatongan'izay dia ampanarahana lalàna tsara ireny karazana fitaterana ireny
- Potehina ireo fiara rehetra efa maty sy tonta. Amidy ny vy azo aorian'ny fanapotehana
- Heverina fa efa voavaha ny olana amin'ny resaka jiro ka omena vahana ny fanafarana fiara mandeha amin'ny herin'aratra. Ahena ny fampiasana sy ny fanafarana fiara mandeha amin'ny solika

## FITATERANA AN-DALAMBY

- Mivory ny manam-pahaizana sy ny teknisianina amin'ny sehatry ny fitaterana an-dalamby. Raha tapak'izy ireo dia velomina ireo fitaterana an-dalamby efa nisy teo aloha : TCE-Tananarive Côte Est, FCE-Fianarantsoa Côte Est, MLA-Moramanga Lac Alaotra. Izany no natao dia hanamorana ny fivezivezen'ny olona sy ny entana
- Tanjona lavitra ezaka ny fanamboarana zotran-dàlamby vaovao

## FITATERANA AN-DRANOMASINA

- Vondrona malagasy tena mahay ary manana traikefa amin'ny resaka fitaterana an-dranomasina no manapaka amin'ny fanapahan-kevitra goavana : fividianana sambo vaventy sy salantsalany, na koa fanofana sambo hifamezivezen'ny vokatra hampidi-bola. Asiana fivoriambe ho an'ireo manamboninahitra amin'ny sambo ny mandinika momba an'izay
- Ofanina ho matihanina ireo mpisehatra rehetra amin'ny fitaterana an-dranomasina satria ngeza ny fari-dranomasina ka tokony hampidi-bola sy harena be ho antsika
- Hamafisina ny fanaraha-maso ny entana miditra sy mivoaka indrindra ny entana voarara sy ny entana sarobidy

- Ampiasaina ny teknolojia amin'ny fanaraha-maso ny fari-dranomasina
- Hialana amin'ny loza dia atao hentitra ny fanaraha-maso amin'ny endrika kolikoly rehetra : lafiny ara-teknika, ny sambo mitondra olona mihoatra ny tokony ho izy. Sambo tena azo antoka no miainga ary hajaina ny fotoana iaingana
- Hatsaraina arak'izay tratra ireo taozavabaventin'ny seranana misy rehetra : sa seranan-tsambo io na seranam-piaramanidina. Tsy atao ambanin-javatra ihany koa ny ady amin'ny kolikoly eny anivon'ireny seranana ireny

## FIZAHAN-TANY

- Jeren'ireo matihanina amin'ny serasera ny fomba hamadihana ny hoe « Madagasikara : firenena mahantra » mba hankany amin'ny lafiny tsara amin'izay. Atao izany ezaka izany hisarihana mpizaha tany vahiny ho avy hitsidika
- Voizina mafy ny serasera sy dokam-barotra ho an'ireo VAKOKA sy toerana manan-tantara maro samihafa manerana ny Nosy
- Anaovana dokam-barotra mafy ihany koa ireo karazana biby sy zava-maniry tsy manam-paharoa izay tsy hita raha tsy eto Madagasikara
- Omena fiofanana ho tena matihanina ireo rehetra misehatra eo amin'ny fizahan-tany sy ireo mpisera-dia. Ampiana araka izay azo atao ny fikambanana maro misy azy ireo
- Miezaka mafy ny fitondram-panjakana hampanjaka ny fandriam-pahalemana manerana ny nosy mba tsy hahakivy ny fahatongavan'ny mpizaha tany. Fandriam-pahalemana an-tanàn-dehibe, eny ambanivohitra, eny amin'ny làlam-pirenena
- Manentana ireo toerana mpandray mpizaha tany mba hanaraka fenitra amin'ny fandraisana : trano fiantranoana sy fotodrafitr'asa hafa. Tanjona ny hampitomboana ny fampidirana ao amin'ny tsena iraisam-pirenena ireo tolotra ara-pizahan-tany misy

## FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO

- Tsy atao anton'ny tsy fandrosoana ny andro ratsy. Efa nisy hatrizay ary tsy maintsy hisy foana ny rivo-doza sy loza voajanahary ary ny fiovaovan'ny toetr'andro ka tsy maintsy vonona amin'izany ny ministera fa tsy manao dokotera aorinan'ny fahafatesana
- Rehefa mahavita tena ny Malagasy, rehefa miakatra ny fari-piainany dia afaka manamboatra trano vato sy biriky. Tsy hisy intsony trano zozoro hirodana isaky ny fotoanan'ny rivo-doza ka araraotin'ny mpitondra fanjakana hangatahana famatsiam-bola izay miodina mankany amin'ny tsy tokony ho izy izy ireny matetika



# ASA MENDRIKA

Mbola maro dia maro ireo olona tsy an'asa sy tsy manana asa mendrika eto Madagasikara, indrindra ny tanora.

**Taona 2021** : mpiasa Malagasy 2.200.000 no misehatra ao anatin'ny tsy ara-dalàna (88%). Mpiasa Malagasy 300.000 ihany no ara-dalàna (12%).



- Ampitomboina ny famokarana ary mitombo manaraka izay ny indostria dia miforona ho azy ny asa

- Omena fankasitrahana ireo mpiasam-bahoaka mendrika amin'ny fanatanterahana ny asany. Asiana mason-tsivana mazava isaky ny sehatra misy azy

- Ampidirina amin'ny sehatra ara-dalàna ireo mpiasa tsy ara-dalàna

- « Affectation » : ampandrosoina ny distrika tsirairay dia inoana fa tsy hisy intsony ireo mandà tsy handeha. Ampitomboina ihany koa ny taham-pifindran-toerana

- Ampidinina amin'ny alalan'ny politika voasoatra ato anatin'ity boky ity ny vidim-piainana : mamokatra betsaka, vitaina ny làlana, mamorona asa. Tsy vahaolana ny fampiakarana SMIG sy ny fampiakarana karama isan-taona fa ny vidim-piainana no ampidinina

- Na izany na tsy izany, hajaina sy averina dinihina ny « grille indiciaire » sy ny « catégorie » ho an'ny mpiasa madinika. Tsy mihetsika ary tsy kitihina kosa izany ho an'ny mpiasam-panjakana ambony izay efa mikarama ambony be: izany hoe ireo directeurs no miakatra

- Asiana « contre-vérification » sao dia mbola misy ireo efa maty kanefa mbola mandray karama na « pension » ; foanana tanteraka ny « fonctionnaires fantômes »




- Ampiasaina ny teknolojia mba ialana amin'ny filaharana rehefa mandray karama

- Omena ny Malagasy ny asa mendrika rehetra, ahena ny sehatra iasan'ireo vahiny lafo karama

- Omena sehatra ary raisina ireo hevitra tsara entin'ireo sendika maro izay mitondra fanavaozana ny fehezan-dalàna mifehy ny asa (code du travail) : ora fiasana, aro loza sy fahasalaman'ny mpiasa sy ny fianakaviany (OSIE), fiahiana ara-tsosialy (CNAPS) sy ny sisa

- Averina jerena ny mason-tsivana manomboka any amin'ny fifaninanana sy ny fandraisana ho mpiasam-panjakana isan-tsokajiny

- Jerena avokoa ny fanatsarana rehetra azo atao amin'ireo mpiasa misotro ronono

- Raha tojo fahasahiranana ny orinasa dia tsy mahazo mandroaka mpiasa raha tsy mahazo alalana manokana rehefa avy nifampidinika ny mpampiasa, ny mpiasa ary ny fanjakana

- Antsoina ireo tsy an'asa rehetra dia entina mamboly vary. Ireo mponina any an-toerana no antsoina voalohany. Tanjona amin'ny voka-bary : 3 hatramin'ny 5 tonnes isaky ny hectare

- Averina dinihina ny fifanarahana arak'asa any anaty « zone franche » : karama, tambin-karama, asa amin'ny alina sy ny sisa…

# FAMPIANARANA AMBONY, FIKAROHANA ARA-TSIANSA

## FAMPIANARANA AMBONY

- Ampitomboina ny tahan'ny mpianatra miditra any amin'ny Oniversite
- Ezahina ny fisian'ny Oniversite isaky ny renivohi-paritany : vatsiana fitaovana ara-dalàna sy mpampianatra matihanina. Atao mitovy ny sampam-piofanana isaky ny Oniversite rehetra
- Asiana mason-tsivana hentitra ny fanomezana vatsim-pianarana eny amin'ny ambaratonga ambony. Toy izany koa ny vatsim-pianarana mankany ivelany. Asiana vaomiera mandinika ireo firenana handefasana mpianatra mahazo vatsim-pianarana
- Tena tanterahina ny « digitalisation » sy ny « carte d'étudiant numérique »
- Ampidirina eny amin'ny Oniversite daholo ny mpianatra afaka baccalauréat
- Arahina maso akaiky ireo Oniversite tsy miankina mba hanaraka ny lalàna sy ny fenitra takiana : trano, lentan'ny mpampianatra, saram-pianarana, fandaharam-pampianarana, fahadiovana…
- Tapahana ny hevitra hoe ampiharina ve ny « système LMD » sa tsia
- Ampanarahana fivoarana manaraka ny teknolojia ny fianarana ampitain-davitra na ny « enseignement à distance »

## FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Ampahafantarina ny be sy ny maro ny voka-pikarohana rehetra. Ampiasaina ny teknolojia vaovao (site web)
- Atao laharam-pahamehana ary omena vahana ny voka-pikarohana mankany amin'ny fahaleovan-tena ara-tsakafo
- Omen'ny fanjakana famatsiana ny voka-pikarohana azo tanterahina sy mankany amin'ny fampandrosoana. Miaraka miasa amin'ny ministera voakasika ny fanatanterahana izany
- Vitaina ny laboratoire hiasan'ireo « professeurs » antsika izay efa nahavita fiofanana tsara

# TONTOLO IAINANA



- Atao lavitry ny tanàna ny toerana fanariana fako
- Atao lavitry ny tanàna ny Indostria mba ialana amin'ny karazana fandotoana
- Hamafisina ny fitandremana ny fahadiovan'ny rano amin'ireo fako sy loto mankany amin'ny ranomamy sy ranomasina
- Atao tetikasa iray manokana ny fanodinana fako ho lasa angovo ary zezika
- Tohizana ny fambolen-kazo amin'ny drone. Tanjona apetraka ny mba ho 50% n'ny tany no rakotra ala mba hisian'ny fifandanjan'ny toetr'andro sy ny toe-tany (équilibre de l'écosystème)
- Ampitomboina ny ala sy biby ary valan-java-boahary arovana. Ny fanjakana no tompon'antoka VOALOHANY amin'ny fiarovana fa TSY NY VAHINY. Sao mantsy dia ireny vahiny ireny no manao fitrandrahana miafina tsy ara-dalàna any anatin'ireo faritra izay izy no miaro azy
- Doro tanety : vatsiana fitaovana ireo Malagasy tsara hofana hiambina ny ala sy ny biby ary faritra misy harena voajanahary
- Ampiharana sazy hentitra ireo manondrana biby arovana. Jerena ihany anefa ireo biby mbola betsaka azo amidy hampiditra vola anaty kitapom-bolam-panjakana. Tandremana hatrany ny mpanararaotra tsy manara-dalàna
- Atao hentitra ny fepetra amin'ny fanapahana ala sy ny fanomezan-dàlana hitrandraka hazo
- Atao mazava ny tatitra isan-taona amin'ny fitrandrahana ala : isan'ny fahazoan-dàlana nomena, velaran-tany notrandrahana, hazo nivoaka, vola niditra. Tafiditra ao anatin'izay koa ny fanaovana tatitra mazava tamin'ireo fitrandrahana zava-maniry fanaovana fanafody
- Ampandrosoina haingana ny distrika tsirairay mba hanana herin'aratra, radio sy téléviziona hampitana ny fampianarana sy fanentanana amin'ny voka-dratsin'ny fandoroana ala sy tanety. Mandra-pahatongan'izay anefa dia omena fiofanana ny Filoham-pokontany voafidy hahafahany mampita izany eny amin'ny mponina
- Omena alalana mifanaraka amin'ny lalàna ny dinam-pokonolona miady amin'ny doro tanety
- Dinihina miaraka amin'ny teknisianina ny fanentanana amin'ny fampiasana fatana pétrole, ka ahena tsikelikely ny fampiasana arina fandrehitra (charbon)



# PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA



- Hamoraina ny saran'ny « Internet » fa tena ilaina amin'ny fampandrosoana sy ny fiainana andavanandro. Ny ministera no mifampiraharaha amin'ny orinasa manome ny tolotra

- Ezahina haparitaka eny amin'izay toerana tokony hisy azy ny Internet : maimaim-poana na amin'ny sarany mirary sy takatry ny be sy ny maro. Hatsaraina ny kalitao

- Omena vahana ny fifaninanana eo amin'ireo mpandraharaha amin'ny sehatry ny fifandraisan-davitra mba isorohana ny manjaka tokana

- Omena fiofanana ireo tompon'andraikitra any amin'ny rantsa-mangaikan'ny fanjakana amin'ny fampiasana ny teknolojia vaovao. Hatsaraina ny fitaovana sy fomba fiasa

- Ampiharina ny fahaiza-manao ara-tsiantifika sy ny teknolojia mba hampitombo ny famokarana izay vahaolana fohy ezaka mankany amin'ny fandrosoana

# MPONINA SY SOSIALY, FAMPIROBOROBOANA NY VEHIVAVY



Tena mbola mahantra ny Malagasy. Tsy tratra ny tanjona tamin'ny tetikasa OMD (Objectif du millénaire pour le développement 2000-2015).

Na dia efa niova ho ODD (Objectif de développement durable 2015-2030) aza izany ankehitriny dia tena mbola lavitry ny afo ny kitay

## MPONINA SY SOSIALY

- Averina tsikelikely ny toe-tsainan'ny firaisankina izay soatoavina Malagasy. Ampahatsiahivina fa ny malagasy dia « de nature socialiste ». Hita taratra izany any anaty fahendrena toy ny « atero ka alao », « trano atsimo sy avaratra ka izay tsy mahalen-kialofana » sy ny ohabolana momba ny firaisankina rehetra. Nopotehin'ny mpanjanaka izy io noho ny zarazarao hanjakana. Nozarazarainy isika tanaty faritany, foko, finoana, firazanana, fihaviana, firehan-kevitra politika
- Tsy avela ho potehin'ny fandrosoana, ny teknolojia sy ny fanatontoloana ny SOATOAVINA MALAGASY. Averina ny hasin'ny fokonolona tarihin'ny Filoham-pokontany voafidy
- Eo amin'ny lafiny sosialy dia tsy vahaolana maharitra ny fizarazarana amin'ny endriny rehetra. Vonjy taitra sy vonjy rano vaky fotsiny ihany ireny rehefa misy loza fa tsy atao fitaovana politika
- Jerena ny vahaolana maharitra ho an'ireo olona tsy manan-kialofana, be antitra, sembana, marefo
- Manangana tranom-pokonolona isam-pokontany : fivoriam-pokonolona, fanaovana tatitra, fandraisana lanonana



## FAMPIROBOROBOANA NY VEHIVAVY

- Ny vehivavy no maro an'isa eto Madagasikara. Omena sehatra bebe kokoa izy ireo amin'ny fampandrosoana
- Tohanana ny fikambanam-behivavy rehetra misy fa tsy izay akaikin'ny mpitondra fotsiny
- Tsy asiana mizàna tsindriana ila fa ampitoviana ny fanampiana ny fikambanana tsirairay
- Voizina mafy amin'ny serasera ny tokony hanajana ny vehivavy : loharanon'aina, loharanon'olombelona
- Jerena avokoa ny ezaka rehetra hanovana ny fijery sy ny filazana fa « vehivavy fanaka malemy », « akoho vavy maneno » sy ny sisa
- Resena lahatra tsikelikely ireo toerana izay tena mbola manambany vehivavy. Ohatra : miandry ny lehilahy voky vao mahazo mihinana ; tsy famelana ny vehivavy hitarika amin'ny sehatra maro
- Entanina ny vehivavy mba havitrika amin'ny politika. Raha oharina amin'ny lehilahy dia vitsy ny vehivavy no misehatra ao anatiny kanefa tsy maintsy politika no hitantanana firenena

# TANORA SY FANATANJAHAN-TENA

## TANORA

- Tohizana ny fanabeazana ho olom-pirenena ho an'ny tanora (éducation citoyenne)
- Asiana tranoben'ny tanora isaky ny distrika. Ampifanarahana amin'ny filan'ny tanora ny asa atao ao anatiny : toerana fialana voly, tranom-boky, karazana fanovozam-pahalalana…
- Ampaherezina ny tanora hiaina sy hianatra fiainana any anaty Skoto sy fikambanana tanora. Tandremana tsara anefa ny fanabeazana sao mivoana mankany amin'ny tsy izy. Manampy betsaka ao anatin'izany ny fitaizana ara-panahy efa tanterahin'ny eglizy sy fiangonana

## FANATANJAHAN-TENA

- Ampiana ny fotodrafitr'asa : kianja, fitaovana ilaina isaky ny taranjam-panatanjahantena rehetra. Asiana kianja fanaovana rugby, basket, volley, hand-ball sy ny maro hafa… ao amin'ireo kianja fanaovana baolina kitra efa misy sy izay mbola ho atao
- Ampiana tosika ny sehatra rehetra : na ireo mbola tsy mandeha tsara na ireo sehatra tena mahomby : football, basket-ball, rugby, boxe, volley-ball, hand-ball, judo, lutte, ping-pong, cyclisme, haltérophilie, pétanque, natation sy ny sisa
- Tsy andoavam-bola na atao amin'ny sarany tena mora indrindra ireo kianja rehetra naorin'ny fanjakana mba ho afaka manao fanatanjahan-tena ny sarambabem-bahoaka. Atao hentitra kosa nefa ny fepetra fanajana fotodrafitr'asa
- Ofanina ny mpanazatra, ny mpampianatra, ny mpanabe, ny moniteurs, ny animateurs ara-panatanjahantena
- Foanana ny kolikoly amin'ny fisafidianana ireo mpilalao handrafitra ny ekipam-pirenena isaky ny sehatra. Tsy ekena intsony ny hoe : izay mahitahita no voasafidy
- Atsangana ny toeram-pitsaboana manokana ho an'ny mpanao fanatanjahan-tena. Ezahina ho maimaim-poana araka ny fahafaha-manao
- Ampitomboina ny hoenti-manana ahafahan'ny mpanao fanatanjahan-tena Malagasy mandray anjara amin'ny fifaninanana eto an-toerana sy any ivelany
- Tsy atao fisehosehoana politika, na fitaovana politika ny sehatry ny fanatanjahan-tena

# SERASERA SY KOLONTSAINA



## SERASERA

- Tsy asiana tsindry intsony fa avela hanao ny asany an-kalalahana ireo mpanao gazetin'ny haino aman-jerim-panjakana
- Tsy fanasongadinana be loatra ny fitondrana ny RNM sy TVM. Raha fitondrana manao ny mety dia hita soritra eny amin'ny asany ka tsy mila doka be intsony any anaty serasera
- Tena omena sehatra ny fanaovana ady hevitra ary tena sokafana ho an'ny mpisehatra politika rehetra ny RNM sy TVM
- Hamoraina ny fivelaran'ny haino aman-jery rehetra mba ho afaka mahenika an'i Madagasikara
- Hamoraina ny fidiran'ny radio sy televiziona rehetra ao anaty Canal Plus na Parabole na Startimes sy ny sisa
- Ampahatsiahivina ny fepetra ho an'ireo haino aman-jery efa misy : indrindra amin'ny resaka kalitao ara-teknika sy ny fandaharana mandeha ao aminy
- Entanina mba ho matihanina ireo rehetra misehatra anatin'ny fanaovana dokam-barotra : na am-bava, na an-tsoratra, na an-tsary. Raisina ohatra ny lenta sy kalitaon'ireo dokam-barotra mandeha amin'ny haino aman-jery vahiny
- Hamafisina ny ezaka hampihenana ny kolikoly mivantana na an-kolaka amin'ny sehatry ny fanaovan-gazety
- Atao mazava tsara ny karatra maha mpanao gazety. Tsy ekena intsony ny kitrano an-trano ao anatin'ny OJM (Odre des Journalites de Madagascar)
- Omena vahana betsaka any anaty haino aman-jery sy serasera ny kolontsaina Malagasy raha oharina amin'ny kolontsaina vahiny



## KOLONTSAINA

- Omena sehatra bebe kokoa any amin'ny haino aman-jery ireo hira sy Malagasy sy ireo zava-maneno nentim-paharazana
- Ampahafantarina ny tantaran'ireo olo-malaza sy fotoan-dehibe niavaka teo amin'ny tantaram-pirenena
- Ampidirina ao anaty sehatry ny kolontsaina sy fizahan-tany ireo toerana sy tsangambato manan-tantara
- Omena fahefana ny Filoham-pokontany voafidim-bahoaka hiaro sy hikojakoja ireo toerana sy tsangambato manan-tantara ao amin'ny Fokontany nahavoafidy azy
- Omena fankasitrahana (award) isan-taona ireo mpana-talenta na tarika isan-tsokajiny manerana ny nosy
- Hatsaraina ny fenitr'ireo toerana fanaovana lanonana rehetra efa misy : fivoahana raha misy loza, toeram-pivoahana sy fidiovana sy ny sisa···
- Hamafisina sy hatsaraina ny fiasan'ny OMDA
- Atsangana ny tranoben'ny kolontsaina isaky ny distrika : toerana hanovozana fampianarana zavakanto sy kolontsaina isan-karazany



# TANANA VAOVAO SY TOERAM-PONENANA

- Omena tany sahaza izay mpivady vao rehetra misora-panambadiana ara-panjakana
- Ekipa tena mahay miresaka, ary tena mahay mifampiraharaha amin'ny mponina no alefa miresaka amin'ny fokonolona rehefa hijery toerana hanamboarana tanàna vaovao (consultation préalable)
- Mba tsy hivangongo eto an-drenivohitra dia anamboarana tanàna vaovao mahavelona, mahatamana, misy asa, maha te honina ny toerana azo hananganana izany ary miankina amin'ny tetibola. Misy jiro sy rano mazava ho azy sy ireo zavatra ilain'ny mponina : hopitaly, sekoly, tsena, trano fonenana, trano filanonana, fitaterana…
- Isaky ny tanàna vaovao dia manaraka ny drafitra milamina ho an'ny tanàn-dehibe na ny « plan d'urbanisme » : milamina, maoderina, mirindra
- Asiana fanentanana manerana an'i Madagasikara mba ho eny amin'ny toerana mety tsy ho tratran'ny tondra-drano no manorina fonenana satria tsy maintsy hisy foana ny rivo-doza sy oram-be mikija

# ZANDARIMARIAM-PIRENENA

- Atao departemanta mitokana ny Zandarimariam-pirenena fa tsy eo ambany fifehezan'ny ministeran'ny fiarovam-pirenena. Mahaleo tena ara-bola izy noho izany
- Arindra ny fampianarana rantovina any an-tsekoly mba hifanaraka amin'ny eny an-kianja
- Ahena ny tombotsoa omena ireo lehibe. Avadika ho fampitaovana amin'ny lafiny maro izany, ho an'ireo zandary misahana ny « unité élémentaire » indrindra ireo miasa any ambanivohitra
- Jerena ny fomba ialana amin'ny fanaparam-pahefana amin'ny lafiny rehetra ataon'ny zandary
- Faizina ireo zandary miray tsikombakomba amin'ny dahalo, amin'ny mpanao kidnapping, amin'ny mpitondra sasany dahalo ambony latabatra
- Atao isan'andro ny « opérations » fa tsy atao in-dray mandeha tsy miverina


REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
ANTANANARIVO
POLICE

# TENY FAMARANANA

**« NY MALAGASY ALOHA » : FANARENANA sy VINAM-PIARAHAMONINA ho an'i Madagasikara**. Ity no boky nosoratan'ny Antoko Politika Madio – APM taorian'izay 7 taona nijoroany izay.

AIZA NY VOLA ANATANTERAHANA ITY VINAM-PIARAHAMONINA ITY ?

Tafapetraka ny **FANARENANA**, miova ny **RAFITRA** sy **OLONA** miala amin'ny fanjanahantany, tanterahina ireo vahaolana politika naroso dia inoana fa hitombo ny fidiram-bola anaty kitapom-bolam-panjakana, hampidi-bola ny fokontany tsirairay, hitombo ny hetra azo avy amin'ny sehatra ara-dalàna. Ny vola miditra amin'izany no anombohana avy hatrany ny fanatanterahana ny vinam-piarahamonina. Hihena ihany koa ny saran'ny fitaterana rehefa manafatra solika mivantana ny fanjakana. Ary tena hidina ny vidim-piainana rehefa trandrahana ny solika mavesatra eto an-toerana.

Santionany ihany ireo fa raha fehezina izay voasoratra dia ny VAHINY sy NY MPITONDRA MALAGASY SARIBAKOLINY no sakana amin'ny fampandrosoana eto Madagasikara. Tsy nisy nahazo fitondrana izay rehetra niomana sy nanangana Antoko Politika mialohan'ny fotoana tao anatin'izay 62 taona nahazoana fahaleovantena izay. Fahaleovantena sarintsariny fotsiny anefa no nomena satria izay olona tian'ny vahiny napetraka teo ihany no tonga teo amin'ny fitondrana. Efa nahazo seza avokoa ireo mpitondra ireo vao nieritreritra ny hiomana sy hanangana Antoko Politika tandrametaka sy zara fa vita.

Manampy trotraka izany rehetra izany ny RAFITRA TSY METY sy ny politika maloto, mifangaro amin'ny kolikoly amin'ny sehatra rehetra (corruption généralisée). Izany dia manomboka any amin'ny fampielezan-kevitry ny fifidiana hatrany amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana. Ka ho gaga ve isika raha izao no iafaran'ny firenena ?

Noho izany, ny Antoko Politika Madio-APM dia tsy mila fitondrana manaiky lembenana intsony, ka miondrika lava eo anatrehan'ny firenena vahiny. « **NY MALAGASY ALOHA** » ary ny Malagasy no atao lohalaharana manomboka eto fa tsy mety amin'i Madagasikara sy ny Malagasy intsony ny fanjanahan-tany mivantana na an-kolaka. Zanahany amin'ny fomba rehetra ireo olona ambony anaty fitondrana izay saribakoliny. Ireo mpitondra ireo indray avy eo ny manjanaka antsika Malagasy ka mahatonga antsika tsy mahaleo tena fa tsy maintsy miankin-doha, manaraka ny didy sy baiko avy amin'ny tsikombakomban'izy ireo. Hita taratra amin'izany ny fiankinan-doha ara-toekarena, fiankinan-doha ara-barotra, fiankinan-doha ara-bola, fiankinan-doha ara-teknika ary fiankinan-doha ara-olombelona.

Marihina fa, ankoatry ny hevitray manokana, dia nofantenana ary nofintinina ato anatin'ity boky ity ihany koa ireo hevitra tsara tamin'ireo vinam-piarahamonina efa nisy teto amin'ny firenena, ka mifanitsy sy mifanaraka amin'ny ideolojian'ny Antoko Politika Madio-APM. Tsara dia tsara avokoa ny hevitra tao anatin'ireo vinam-piarahamonina ireo kanefa matoa mbola firenena mahantra i Madagasikara dia tsy nandeha araka ny tokony ho izy ny fanantanterahana izay voasoratra :

- Na ny fitondrana tamin'izany tia tena, ka namitaka sy nanao ampihimamba

- Na izy ireo namerina volan'ny mpamatsy azy tamin'ny fampielezan-kevitra

- Na izy ireo voafatotra sy voagejan'ny firenena vahiny mpanjanaka

- Na ny mpitondra tsy ampy traikefa sy fiomanana ka rehefa ela ny ela dia tsy zakany ny fitantanan-draharaham-panjakana

- Na koa ny fitambaran'izany rehetra izany no antony tsy naha tafavoaka izay mpitondra nifandimby.

Efa nisafidy isika fa HONINA sy HIPETRAKA eto Madagasikara satria Tanindrazana mahavokatra sy maro harena ka hahafahana mivelona sy miaina mendrika araka ny tokony ho izy. Tsy manana eritreritra ny handositra sy hitsoaka any ivelany toy ny sasany rehefa nandiso fanantenana ny vahoaka Malagasy.

Ety am-pamaranana ary dia mino isika ary manantena fa tsy hijanona ho boky tsy ho tanterahina toy ireo teo aloha ity boky ity.

« **NY MALAGASY ALOHA** » : Fanarenana sy vinam-piarahamonina ho an'i Madagasikara.



APM
ANTOKO POLITIKA
MADIO
FIRENENA FA TSY SEZA

Lot II Y 24 Antanimora Ampasanimalo Antananarivo (101)
Tel : 034 20 863 39
www.apm.mg
Facebook : Antoko Politika Madio - Pejy Ofisialy
Mail : antokopolitikamadio@gmail.com